# Aza manambana fiadiana amin'ny rahalahiny ny iray aminareo, fa tsy fantany, fandrao ho kapohin'i Satana eo an-tànany izy, ka ho latsaka any amin'ny lavaka feno afo mirehitra

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Aza manambana fiadiana amin'ny rahalahiny ny iray aminareo, fa tsy fantany, fandrao ho kapohin'i Satana eo an-tànany izy, ka ho latsaka any amin'ny lavaka feno afo mirehitra."
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nampitandrina ny Mpaminany (S.A.W) ny amin'ny silamo manondro karazana fitaovam-piadiana amin'ny rahalahiny silamo, satria tsy fantany raha mety hanery azy hamindra ny fitaovam-piadiana eny an-tànany i Satana, hamono ny rahalahiny na hanisy ratsy azy, ka nanao fahotana izay nitarika azy ho latsaka tao amin’ny lavaka mirehitra afo.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee